GSDM
*Professionnels de l'Agro-écologie*

# TOROLALANA MAHOMBY, HO AN'NY FAMBOLENA MAHARITRA

# NY ALA VADIM-BOLY (Agroforesterie)

## FAMARITANA

Fampiarahana fambolena maro (hazo, voankazo, legioma) sy/na fiompiana eo amin'ny toerana iray ao anatin'ny vanim-potoana iray. Anisan'ny vahaolana "Agro-écologique" ny fampiasana ny ala vadim-boly.

## TOMBONTSOA


- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny nofon-tany ary mampitombo ny tahirin-drano anaty tany ;
- Mampirindra ny fambolena atao ;
- Mahatomombana ny tsingerin'ireo kasinga natoraly : rano, raha mineraly, raha organika ;
- Manatsara ny tsiron'ny tany ;
- Mampitombo ny karazam-bokatra azo no sady manatsara ny farim-piainana ;
- Mampihena ny entona manimba ny tontolo iainana sy mampiova ny toetr'andro.

## FAMPIHARANA NY ALA VADIM-BOLY




Ny ala vadim-boly dia teknika mirona ho amin'ny fambolena maharitra sy fanatsarana ny seham-pihariana

### Atao ny lavaka, avahana ny tany tsara sy ratsy. Avela 15 andro



### Afangaro anaty lavaka ny zezika sy ny tany tsara, atao mivohitra 30 cm




### Tapahana eo amin'ny 3cm avy eo ambany ny plastika




### Esorina ny fonosana plastika




### Ambolena ny zanakazo




### Afatratra amin'ny tongotra ny tany




### Tondrahana matetika raha tsy ampy ny rotsak'orana



### Rantsanana ny hazo hitombo tsara



### Asiana zezika isan-taona ary arovana amin'ny bibikely



Mitovy avokoa ny fepetra takian'ny fambolen-kazo. Ny mahasamihafa azy dia ny hadirin'ny lavaka sy ny elanelam-boly (miankina amin'ny toetrin'ny hazo ho volena, ny toe-tany ary ny toetr'andro).